## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*Fa tsy nahoan'i Jesosy izany teny nataony izany, fa hoy Izy tamin'ilay mpanapaka ny synagoga: "Aza matahotra, minoa fotsiny ihany."*

***Marka 5:36***

### KARATÉ 2022 TENY ANKORONDRANO

# Nanjakan'Analamanga sy ny Kokaju

Nanjakan'Analamanga sy ny ekipan'ny Kokaju ny fifaninanan karaté-do fiadiana ny « Championnat de Madagascar cadet, junior, sénior 2022 » sy ny fiadiana ny « Coupe de Madagacar pour enfants » (Poussins sy minimes ary benjamins). Nahatratra 722 isa ireo mpikatroka tonga niatrika an' ireo fifaninanana roa ireo ka samy nandefa solontena avokoa ireo ligy miisa 15 amin'ny 16 misy eo amin'ity taranja ity. Nisy ny fanolorana sertifikà an'ireo mpitsara rehetra nandray anjara tamin' ny fampiofanana natao tamin'ity "championnat" ity. Ny fifaninanana Afrikana sy Iraisam-pirenena ary ny Lalaon'ny nosy 2023 sy ny lalao olaimpika 2028 hatao any Los Angeles indray izao no himasoan'ny FMK homanina hatreto. Tamin'ny ankapobeny dia nanjakan'Analamanga sy ny ekipan'ny Kokaju ireo fifaninanana roa ireo. Vokatra azo -Sokajy "pupille" -25 kg (F) : Sarah (Kokaju) nandresy an'i Santatra (Akka Avaradrano), +25 kg (F) : Fy Ny Havana (Kokaju) nandresy an'i Francine (Boeny). -Sokajy "pupille" -25 kg (G) : Petit (Kokaju) nandresy an'i Jay (Sporting), +25 kg (G) : Aryan (Wakama) nandresy an'i Fidelice (Kcb). -Sokajy "poussine"-20 kg : Valiha (Kokaju) nandresy an'i Nishia (Makawa), +20 kg :



*Karaté teny Ankorondrano.*

Onitiana (Kokaju) nandresy an'i Mahateotia (Makawa). -Sokajy "poussin"-20 kg : Tsiresy (Boeny) nandresy an'i Tino (Kokaju), +20 kg : Tsiaro (Kokaju) nandresy an'i Diary (Kcb Ihosy). -Sokajy "benjamine"-30 kg : Jessica (Akka Mahitsy) nandresy an'i Giana (Akka), +30 kg : Iantsa (Akka Avaradrano) nandresy an'i Rotsy (Akka Jamal). -Sokajy "benjamin"-30 kg : Mourtaza (Vnm) nandresy an'i Alan (Kokaju), +30 kg : Heritiana (Kokaju) nandresy an'i Tony (Kokaju). -Sokajy "minime F"-40 kg : Amboara (Akka Mahitsy) nandresy an'i Fitia Sarobidy (Alaotra Mangoro), +40 kg : Sarobidy (Akka Jamal) nandresy an'i Tiavina (Akka Avaradrano). -Sokajy "minime G"-40 kg : Mario (Akka) nandresy an'i Johan (Kamaka), +40 kg : Tsilavo (Wakama) nandresy an'i Miarintsoa (Kokaju). Teo amin'ny sokajy "Cadets" sy "Juniors" ary "Sénior" dia saika nanjakan'Analamanga tamin' ny ankapobeny. Vokatra azo -Sokajy "Cadette"-47 kg : Jeninah (Analamanga) nandresy an'i Lucia (Haute Matsiatra), +47 kg : Laurette (Analamanga) nandresy an'i Erica (Analanjirofo). -Sokajy "Cadet"-57 kg : Mihaja (Analamanga) nandresy an'i Jean de Dieu (Boeny), +57 kg : Manohisoa (Analamanga) nandresy an'i Odilon (Ihorombe). -"Kata Cadette" : Fitia (Analamanga) nandresy an'i Lydia (Vakianankaratra). -"Kata Cadet" : Orima (Analamanga) nandresy an'i Emilien (Ihorombe). -Sokajy "Junior D"-53 kg : Tsiky (Analamanga) nandresy an'i Ekena (Boeny), +53 kg : Ziana (Analamanga) nandresy an'i Diary (Analamanga). -Sokajy "Junior H"-61 kg : Christian Fiderana (Analamanga) nandresy an'i Fanampy (Ihorombe), +61 kg : Manou (Analamanga) nandresy an'i Rajo (Analamanga). -"Kata Junior D" : Elodie (Analamanga) nandresy an'i Ekena (Boeny). -Sokajy "Sénior D"-50 kg : Fenosoa (Analamanga) nandresy an'i Dina (Vakinankaratra), -55 kg : Fitiavana (Analamanga) nandresy an'i Arisoa (Vakinankaratra), -61 kg : Fanja (Analamanga) nandresy an'i Helene (Vakinankaratra), -68 kg : Tiavina (Analamanga) nandresy an'i Alicia (Analamanga), +68 kg : Nancie (Analamanga) nandresy an'i Faraniaina (Analamanga). -"Kata Sénior D" : Hanitra Olivia (Analamanga) nandresy an'i Helene (Vakinankaratra). -"Kata Sénior H" : Brandon (Analamanga) nandresy an'i Manampisoa (Boeny). -Sokajy "Sénior H"-60 kg : Tanjona (Analamanga) nandresy an'i Kenny (Analamanga), -67 kg : Billy (Analamanga) nandresy an'i Jean Mbyck (Boeny), -75 kg : Jean Claude (Ihorombe) nandresy an'i Donald (Boeny), -84 kg : Jeila (Analamanga) nandresy an'i Alicia (Analamanga), +84 kg : Titan (Boeny) nandresy an'i Liantsoa (Analamanga). -"Kata Equipe H" : Analamanga nandresy an'i Ihorombe. -"Kumité Equipe D" : Vakinankaratra nandresy an'i Boeny. -"Kumité Equipe H" : Analamanga nandresy an'i Boeny.

***Rainilita***

### Champion's League Malagasy D-2, 2022

# Tompondaka ny A.S.A Diana




Nifarana tamin'ny alahady 13 novambra 2022 lasa teo, tamin'ny fanatontosana ny andro fahatelo farany tamin'ny "Poule des As" ny fifaninanana baolina kitra "Champion's League Malagasy D-2 2022". Ny vokatry ny andro fahatelo : AS COMATO 0 - 2 Relais Sport, Tsaramandroso FC 2 - 4 ASA. Vokatra ankapobeny sy ireo nahazo amboara rehetra : 1- "Equipe Championne" : A.S.A Nosy Be (Amboara sy medaly volamena ary lelavola 6.000.000 ar), 2- "Equipe Vice championne" : Tsaramandroso FC Boeny (Amboara sy medaly volafotsy ary lelavola 4.000.000 ar), 3- « Troisième place » : LE Relais Sport Haute Matsiatra (Amboara sy medaly alimo ary lelavola 3.000.000 ar), 4- "Quatrième place" : AS COMATO Atsimo Andrefana. -« Meilleur buteur » : Philemon N°20 Tsaramandroso FC - 10 buts notolorana 500.000 ar, -« Meilleur Gardien » : Malamo Harizo N°1 As Comato notolorana 500.000 ar, -« Entraineur de l'équipe championne » : Zidiny Amady - A.S.A notolorana notolorana 800.000 ar, -« Homme du match » : Jean Oelinot N°11 A.S.A nahazo 500.000 ar. Miakatra ao amin'ny Pro League araka izany ny A.S.A.

***Rainilita***

### Rallye Passion Antsirabe 2022

# Nahery i Fred sy Mick nitondra Subaru Impreza

Norombahin'i Fred sy Mick (Rabekoto Frederic sy Ratrimoarinosy Mick (Asacm-Asacm) nitondra Subaru Impreza ny andiany faha-3 tamin'ny Rallye Passion Tacs Antsirabe 2022 izay notontosaina tamin'ny 10-11-12 novambra 2022 lasa teo. Tamin'ny fe potoana 01:25:16.5 no nahavitan'izy ireo ny halaviran-dalana nombana tamin'izany fifaninanana izany. Nitana ny laharana faharoa i Mathieu sy Andry Tahiny (Andrianjafy Mathieu sy Rakotomalala Andry Tahina (Asacm-Asacm) nitondra fiara Subaru nahavita 01:29:18.7. Ny laharana faha-3 kosa tamin'ireo fiarakosia niisa 16 sisa tonga hatramin'ny farany dia norombahin'i Mika sy Fabrice (Rasoamaromaka Mika sy Rasata-Herindraibe Fabrice (Tmf Rally-Tac's) nitondra ny fiara Peugeot 206 nahavita 01:30:51.0.

***Rainilita***




*Fred sy Mick 2022 tany Antsirabe.*

### Rugby vehivavy Malagasy

# Antsoina ho eny Andohatapenaka ihany koa

Nantsoina ihany koa ireto mpilalao vehivavy ireto mba ho tonga teny amin'ny Kianja Makis Andohatapenaka ny alatsinainy 14 novambra 2022 nanomboka tamin'ny 08ora tsy diso, fa nanomboka tamin'io ihany koa ny fampivondronana Rugby à 7 hanomana ny lalaon'ny Nosy 2023. Ireo « Présélectionner Makis Ladies 7 » : Ranorovololona Vonjy Malala (3fb), Randriamalala Nasandratra (3fb), Nomenjanahary Sariaka (Scb), Ravelomanana Monica (Jsm), Rasoanekena Veronique (Rcts), Razanamahefa Tina Jinah (Scb), Raharimalala Christine (Ftm), Bodonandrianina Marie Christine (Ftfa), Razakaniaina Zoela (Ftm), Fanantenana Jouana (Scb), Rakotoarison Felaniaina (Ftm), Raharimalala Delphine (Ftm), Rasoarimalala Claudia (Ftm), Sahondramalala Sarindra (3fb), Ravaoarinoro Mialitiana (3fb), Ravolololonirina Patricia (Scb), Raharimalala Haingo Valerie (Asut), Andrriatsilavina Alivana Yvannah (Scb), Raholiarivololona Faniry Nantenaina Francia (Scb), Andrianbatoandro Jessie Tinah (3fb), Rasoamanana Felana (Ftm), Razafiarisoa Voahirana Marie Sophie (3fb), Rasoananadrasana Volatiana Marie Fleuris (Ftfa), Rasoanandrasana Laurence (Scb), Holiniaina Fabrina (Ftm), Hanitriniaina Mamy Nirina Olivia (3fb), Razazananoro Feratiana Myreille (Ftm), Ravaoarimanana Sylvie Odette (Ftfa), Raveloarisoa Mbolatiana Narindra (Sabnam). « Staffs techniques » : Andriamaharo Hajasoa Maminarivo (Coach), Mboazafy Rakotoarivelo (Aide Coach), Falisoa Narindra Rakotobe (Préparateur physique), Navalona (Médecin).



*Makis à 7 vehivavy.*

***Rainilita***

### Rugby teny Andohatapenaka

# Tompondaka ny Cosfa sy Ftm

Ny ekipan'ny Cosfa Miaramila no tafavoaka ho tompondakan'ny "Boites" raha ny Ftm Mankaray kosa no tomponkan'ny "Quartiers". Tontosa teny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka tamin'ny alahady 13 novambra 2022 teo ireo lalao famaranana an'ireo fifaninanana roa ireo izay nialohavan'ny "Match de défi" iray. Vokatra rehetra tamin'io alahady io : "Match de défi" : Ftat Anosibe 19 – 20 Us Ikopa Andohatapenaka, "Finale boites" : Cosfa Miaramila 72 – 37 ny ekipan'ny Uscar Commune, « Finale Quartiers » : Ftm Manjakaray 50 – 29 Tfa Anatihazo.

***Rainilita***